



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitavahana - Tanindrazana - Fandrosoana



ANTENIMIERAMPIRENENA

REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2021

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-177

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY:

- Tolo-dalàna laharana faha-005-2021/PL "portant organisation de la profession de Consultant et création de l'Ordre des Consultants de Madagascar" natolotry ny Solombavambahoaka RAZAIHARIMALALA Fiainantsoa, voafidy tao amin'ny Distrikan'i Soavinandriana, Filohan'ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahafana.
- Volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Alatsinainy 6 Desambra 2021 ka hatramin'ny Zoma 17 Desambra 2021.

Fivoriana Faha-19
Natao ny
Alakamisy 9 Desambra 2021
- Hariva -

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

MPITANTSORATRA: - Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina
- Andriamatoa RABENIRINA Maminiana Solondraibe

FOTOANA: Alakamisy 9 Desambra 2021, tamin'ny 5 ora sy 20 minitra, hariva.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny:
-Tolo-dalàna laharana faha-005-2021/PL “portant organisation de la profession de Consultant et création de l’Ordre des Consultants de Madagascar” natolotry ny Solombavambahoaka RAZAIHARIMALALA Fiainantsoa, voafidy tao amin'ny Distrikan'i Soavinandriana, Filohan'ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana.

-Volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Alatsinainy 6 Desambra 2021 ka hatramin'ny Zoma 17 Desambra 2021.

Nitohy ny Alakamisy 9 Desambra 2021, tamin'ny 5 ora sy 20 minitra, hariva, ny fivorian'ny Antenimierampirenena. Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'i Fianarantsoa no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra, Andriamatoa Filoha, tamin'ny nanatontosany ny fiantsoana anarana dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony.

Taorian'izay, niangavy ny mpampakatenin'ny Vaomiera ny tenany mba hamaky ny tatitra mikasika ny Tolo-dalàna.

Nanatanteraka izany Ramatoa RAHERIARIJAONA Régina Clarisse, ka toy izao ny fivakiny.

Nivory ny Alarobia 8 Desambra 2021, tamin'ny 3 ora, tolak'andro, ny Vaomieran'ny Lalàna sy ny Vaomieran'ny Fampianarana Ambaratonga Ambony sy ny Fikarohana Siantifika ary ny Vaomieran'ny Asam-panjakana, ny Asa ary ny Lalàna Sosialy, nandinika ny Tolo-dalàna laharana faha-005/2021 “portant organisation de la profession de Consultant et création de l’Ordre des Consultants de Madagascar” natolotry ny Solombavambahoaka RAZAIHARIMALALA Fiainantsoa, voafidy tao amin'ny distrikan'i Soavinandriana, Filohan'ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana.

Andriamatoa IDEALSON, Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Lalàna tonga nanatrika ny fivoriana;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 1- IDEALSON
- 2- RAHERIARIJAONA Régina Clarisse
- 3- ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina

Tsy nisy tonga ireo mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fampianarana Ambaratonga Ambony sy ny Fikarohana Siantifika ary ny Vaomieran'ny Asam-panjakana, ny Asa ary ny Lalàna sosialy.

Tonga nanatrika ny fivoriana fa tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera ireto Solombavambahoaka manaraka ireto:

Andriamatoa sy Ramatoa isany:

- 1- RAZAIHARIMALALA Fiainantsoa
- 2- RIJA RASOAVA RAKOTOARISOA
- 3- FIENENA Richard
- 4- ANDRIAMIATRIKARIVO Pierrot

Ireto kosa ny teknisiana tonga nanatrika ny fivoriana,

Andriamatoa isany:

- | | |
|---|---------------|
| 1- RABE Jean Fabien | DEAJ/FOP |
| 2- DAVIDSON Mark Ny Aina | DEAJ/FOP |
| 3- RAZAFINDRABE Andrianaivolala Nestor | DTPAF/MTEPLS |
| 4- ANDRIANIFAHANANA Navalona Andry Haja | DTPDF/MTEFPLS |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha dia niangavy an-dRamatoa Solombavambahoaka RAZAIHARIMALALA Fiainantsoa mba hanazava ny antonanton'ny Tolo-dalàna.

Nambarany fa talohan'ny naha Solombavambahoaka azy dia nanao ny asa “consultante” izy, ka ny fahatsapany ny olana nisy sy niainany tamin'izany, ny baranahiny ary ny tsy mbola fisian'ny sehatra maha ara-dalàna na “cadre légal” amin'io asa io no anisan'ny nahatonga azy nanolotra izao Tolo-dalàna izao.

Amin'ny maha asa mahaleo tena na “profession libérale” sy “prestation intellectuelle” dia miteraka asa maro amin'ny fampandrosoana ny fanaovana asan'ny «consultant».

Misandrahaka amin'ny sehatr'asa maro ny asan'ny “consultant”. Ny fitsanganan'ny “ordre des consultants” dia ahazoana tombotsoa maromaro ka anisan'izany ny:

- Fanomezana antoka ny mpampiasa na “clients”;
- Tsy fanilihana na iza na iza ary fanampiana ireo izay te-hiditra amin'ny sehatr'asa “consultant” na dia ny vahiny aza;
- Fampirihana ny vondrona na «organisation» hampiasa “consultant”;
- Fampiroboroana ny fandraharahana na «entrepreneuriat»;
- Fampidiram-bola ao amin'ny kitapom-bolam-panjakana;

- Fametrahana “encadrement” tsara ho an’ny tanora;
- Fahafahana mampanara-dalàna ny asa «consultant».

Marihina fa tsy afaka manao ny asan’ny «consultant» ny mpiasam-panjakana.

Taorian’izany, niroso tamin’ny adihevitra ny mpivory ka toy izao ireo soso-kevitra sy fanamarihana nivoitra tamin’izany:

- Tokony hakarina ny mari-pahaizana hidirana ho «consultant», fa tsy hajanona ho “bacc plus deux” satria mila fahaiza-manao ambonimbony kokoa io asa io;
- Tokony hivondrona anaty «association» ny “consultants” fa tsy anaty «ordre»;
- Tokony hampirisihana hanokatra fanofanana momba ny asa “consultant” ireo sekoly ambaratonga ambony;
- Tokony ho lalàna mifehy sy mamaritra ny asa “consultant” aloha no atolotra izay ahitana andininy mikasika ny “ordre des consultants”;
- Tokony ho fanazavana mikasika ny asa “consultant” amin’ny ankapobeny no hanoloana ny andininy voalohany ao amin’ny Tolo-dalàna;
- Tokony hantsoina hanatrika ny asam-baomiera ny «Commission de Réforme du Droit des Affaires» (**CRDA**) sy ny sampandraharaha momba ny hetra mba hakana hevitra fanampiny.

Taorian’izany, niroso tamin’ny fandraisana fanapahan-kevitra ny Vaomiera.

Notapahan’ny Vaomiera fa hahemotra amin’ny fotoana maha mety azy ny fandinihana ity Tolo-dalàna ity noho ny mbola hilàna fifanakalozan-kevitra misimisy kokoa mba hanatsarana ny rijan-teny.

Nifarana tamin’ny 5 ora sy 30 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Mpampakateny, Andriamatoa Filoha, tamin’ny famakiana ny tatitra, nilaza ny tenany fa araka ny tatitra novakiana teo, nahemotry ny Vaomiera ny fandinihana ity Tolo-dalàna ity mba ahafahana manatsara ny rijan-teny ao anatin’ny. Noho izany, eken’ny fivoriambe izany fanapahan-kevitra izany.

Rehefa izay, niroso tamin’ny fandaharam-potoana manaraka, izay fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolam-pandaharam-potoanan’ny Antenimierampirena nasiam-panitsiana manomboka ny Alatsinainy 6 Desambra 2021 ka hatramin’ny Zoma 17 Desambra 2021, ny mpivory.

Nanao satroka, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, fa tokony hamafisina eto amin’ny fivoriambe amin’ny alalan’ny tsangan-tànana ny fanapahan-kevitra ny Vaomiera mikasika ny Tolo-dalàna laharana faha-005-2021/PL teo satria toy izay foana ny fomba fiasa hatramin’izay.

Namaly, Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin’ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny fanemorana ny fandinihana ny Tolo-dalàna laharana teo ny mpivory.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 40 no nandany; tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka miisa 2 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hajaina ny fanapahan-kevitra noraisin'ny Vaomiera ary ahemotra ny fandinihana ny Tolo-dalàna laharana faha-005-2021/PL "portant organisation de la profession de Consultant et création de l'Ordre des Consultants de Madagascar" natolotry ny Solombavambahoaka RAZAIHARIMALALA Fiainantsoa.

Taorian'izay, nilaza Andriamatoa Filoha, fa nisy Tolo-dalàna iray sy Volavolan-dalàna miisa roa vaovao tonga teto anivon'ny Antenimierampirenena, ka izay no anton'izao fanovàna ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena izao, ka ireto avy izany fanovàna izany:

MERCREDI 8 DECEMBRE 2021

15H00: Réunion des membres du Bureau Permanent-(Salle BP)

JEUDI 9 DECEMBRE 2021

16H00: SÉANCE PLENIERE-(Salle des Séances)

Adoption de l'ordre du jour

LUNDI 13 DECEMBRE 2021

13H00: TRAVAUX DES COMMISSIONS

- Commission des finances et du Budget (Saisie au fond)
- Commission de l'Economie et de la Planification (Saisie pour avis)
- Commission de l'Evaluation des Politiques Publiques (Saisie pour avis)- (Salle des séances)

Projet de loi n°018/2021 portant loi de Finances pour 2022 (Deuxième lecture)

- Commission Juridique (Saisie au fond)- (Bibliothèque)

Proposition de loi n°009-2021/PL du 08/12/2021 modifiant et complétant certaines dispositions du code de procédure pénale, présentée par Madame RAHANTANIRINA Lalao, Députée de Madagascar élue dans le District de Mahajanga I.

17H00: SEANCE PLENIERE-(Salle des Seances)

Projet de loi n°19/2021 du 17 Novembre 2021 relative à la promotion du logement à Madagascar

MERCREDI 15 DECEMBRE 2021

14H00: Proposition de loi n°009-2021/PL du 8/12/2021 modifiant et complétant certaines dispositions du code de procédure pénale, présentée par Madame RAHANTANIRINA Lalao, Députée de Madagascar élue dans le District de Mahajanga I

16H00: Rapport de la Commission Spéciale sur la mise en accusation devant la Haute Cour de Justice (HCJ) suivi des délibérations de l'Assemblée Nationale.

Taorian'izay, nanontany ny mpivory, Andriamatoa Filoha, raha misy manan-kolazaina mikasika ny fanovàna.

Nanambara, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, fa tsy mbola fantatra mazava ny Vaomiera voakasika momba ny asam-baomiera hatao ny Alatsinainy 13 Desambra 2021, amin'ny 1 ora, atoandro.

Namaly, Andriamatoa Filoha, fa ny Vaomieran'ny Angovo, ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ny Vaomieran'ny Rano ary ny Vaomieran'ny Atitany no voakasika amin'io fandaharam-potoana amin'ny Alatsinainy 13 Desambra 2021, amin'ny 1 ora, atoandro io.

Rehefa tsy nisy nandray fitenenana intsony, nanambara Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenana manomboka ny Alatsinainy 6 Desambra 2021 ka hatramin'ny Zoma 17 Desambra 2021, ny mpivory.

Nambarany koa fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenana no ampiarina amin'izany fandraisana fanapahankevitra izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 49 no nandany; tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka 1 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny fandaharam-potoan'ny Antenimierampirenana manomboka ny Alatsinainy 6 Desambra 2021 ka hatramin'ny Zoma 17 Desambra 2021.

Talohan'ny hiatohan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana ny Zoma 10 Desambra 2021, amin'ny 10 ora, maraina, izay fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny «Proposition de Résolution n°006-2021/PR du 15/11/2021 portant création d'une Commission d'enquête parlementaire sur la société Marbre et Granite de Madagascar (MAGRAMA), présentée par la députée RAZANAMAHASOA Christine, élue à Ambatofinandrahana et Consorts, Andriamatoa Filoha ary nanentana ny Solombavambahoaka mba havitrika amin'ny fanatrehana izany.

Taorian'izay, nisy Solombavambahoaka nanao satroka, ka nomen'Andriamatoa Filoha fitenenana.

Nilaza, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, fa hanolotra tatitra momba ny asa vitany ao amin'ny Lapan'ny Fitsarana Tampony ny "Cour des Comptes" ny Zoma 10 Desambra 2021, amin'ny 10 ora, maraina, ka nanentana ny Solombavambahoaka ny tenany mba hanatrika izany.

Nangataka ny hanao «huis clos» kosa, Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle, raha nandray fitenenana.

Namaly, Andriamatoa Filoha, fa mbola hisy resaka hifanaovan'ny Filohan'ny Antenimierampirenena amin'ireo tomponandraikitra voakasik'izany, ka rehefa tonga izy vao afaka manao tatitra sy mamaly ny fanontanian'ny Solombavambahoaka ny tenany.

Nilaza ihany koa, Andriamatoa Filoha, fa tsy maintsy tonga eto amin'ny Antenimierampirenena ny Filoha ny Zoma 10 Desambra 2021 satria mbola hanolotra «proposition de résolution» koa izy, ka azo inoana fa amin'izay izy no hanao ny tatitra.

Andriamatoa RABEKIJANA Solofo Hery kosa nampahatsiahy fa efa nampanantena ny Filohan'ny Antenimierampirenena omaly, fa ho avy eto amin'ny Antenimierampirenena izy androany.

Nilaza Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène, fa tsy olana aminy loatra ny miandry ny tatitra hoentin-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena rahampitso.

Ramatoa RAHERIARIJAONA Régina Clarisse kosa nanambara, fa efa miisa telo ny "huis clos" nataon'ny Solombavambahoaka kanefa Ramatoa Filohan'ny Antenimierampirenena ihany no afaka mamaly ny fanontanianana manitikitika ny Solombavambahoaka. Noho izany, nangataka ny hiandrasana ny fiverenan-dRamatoa Filoha, ny tenany.

Namaly, Andriamatoa Filoha, fa ny fanaovana "huis clos" dia miainga amin'ny fanapahan-kevitra ny besinimaro.

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 27 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny "huis clos" ny Solombavambahoaka, ka niangaviany hivoaka ny olona hafa.

Niato tamin'ny 6 ora, hariva, ny fivoriana, rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona